Raha miditra ao amin'ny moske ny iray aminareo, dia aoka izy hiteny hoe : "Allahomma Iftahlì Abwàba rahamatika - Allah ô! Vohay amiko ny varavaran'ny famindram-ponao", ary rehefa miala izy, dia aoka izy hiteny hoe : "Allahomma innì As-aloka min fadhlika - Allah ô! Mangataka aminao ny fahasoavanao aho

Tatitra azo avy tamin'i Abi Homaidi na Abi Osaidi niteny nilaza izy : Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Raha miditra ao amin'ny moske ny iray aminareo, dia aoka izy hiteny hoe : "Allahomma Iftahlì Abwàba rahamatika - Allah ô! Vohay amiko ny varavaran'ny famindram-ponao", ary rehefa miala izy, dia aoka izy hiteny hoe : "Allahomma innì As-aloka min fadhlika - Allah ô! Mangataka aminao ny fahasoavanao aho."

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nanoro hevitra ny vahoakany ny Mpaminany (S.A.W) ho amin'ny Doan izay tenenina rehefa miditra ao amin'ny moske : (Allah ô! Sokafy ho ahy ny varavaran'ny famindram-ponao), ka mangataka amin'Allah Tsitoha izy mba hanomana ho azy ny atom-pisian'ny famindram-pony, ary raha te-hiala izy, dia aoka hiteny izy hoe : (Allah ô! Mangataka aminao aho ny amin’ny fahatsaranao), ka mangataka amin’Allah ny hatsarany sy ny fitomboan'ny fanomezana tsara madio avy aminy.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/65092